

**Harijaona RABOANA**

Roanjato taona lasa izay no niaingan'ny fanovàna lehibe indrindra teo aminy fiainan'ny zanak'olombelona, izay niala avy aminy haitao famokarana "Révolution Industrielle".

Ankehitriny mihazakazaka im-polo avo eny ny fahafainganan'izany fanovàna izany, ny lanjany dia niakatra in-telonjato avo eny, ary ny fihantraikany eo aminy zanak'olombelona dia in-telo arivo avo eny.

Aingana dia aingana ny fihovan'ny haitao.

Hoy ny kabinetra MacKinsey raha nanao fanadihadiana manokana ry zareo. Tatitra Aprily 2015.

Dimy ambinin'ny roampolon-taona aho ankehitriny. Afaka dimy ambin'ny roam-polo taona manaraka aho, ho dimam-polo taona. Izany hoe misasaka taon-jato iray ny taonako.

Mahalasa eritreritra hoe ho toy inona ny Malagasy amin'izany fotoana izany ?

« Hanova sa hiaritra ? ». Izay no filamatry ny « Emergence de Madagascar ».

Koa mazava amiko àry ankehitriny fa :

1. Mazava amiko ankehitriny fa ny fanovàna tsikelikely ho entin’ny tsirairay no miteraka ny fanovàna goavana eo aminy tontolo manodidina antsika, izay afahana manantanteraka ny tena firarihantsika.

2. Mazava amiko ankehitriny fa ny fanovàna dia famerenana amin'ny laoniny ny rava, fandaminana ny korontana sy ny savorovoro ary koa fananganana fenitra sy tanjona vaovao indray.

3. Mazava amiko ankehitriny fa ny famerenana amin'ny laoniny ireo rava ireo, dia tsy mila hery na tanjaka be akory, fa kosa mila finiavana handá sy hanohitra ny tsy fahamarinana, izay miseho sy iainana eo aminy fiainana an-davanandro.

4. Mazava amiko ankehitriny fa raha hanangana rafitra vaovao, izay hiteraka fanovàna ifotony, dia tsy mila miandry zavatra goavana. Fa kosa ny hilaina dia ny miandry ny fotoana mahamety azy mba hahafahana manantanteraka ilay tetika nokasaina. Ilaina ny mihezaka hatrany mba tsy hiankin-doha aminy hafa.

5. Mazava amiko ankehitriny fa ny zavatra rehetra izay ataontsika mandritry ny fotoana iainantsika, sy ny antony andaniantsika azy, ary koa miaraka amin'iza no handaniantsika izany fotoana izany, no manamarina ny maha « IZA » antsika tsirairay avy.

6. Raha tsy vitantsika ny mandamina sy mitandrina ny fotoanantsika, mba hitsinjovana ny tena hilain’ny manodidina antsika, dia midika izany fa mbola tsy vonona isika hiahy ny mpiara-belona amintsika.

7. Mazava amiko ankehitriny fa misy ny fotoana hieritreretana, misy ny fotoana hitenenana ary

misy ny fotoana fampiarana. Tsapako fa ilàna saina matsilo vao tanteraka ireo dingana telo ireo, saingy kosa ilàna fahendrena ny manavaka tsara azy ireo.

8. Mazava amiko ankehitriny fa rehefa manao zavatra, tsy tokony hatahotra ny tsy fahombiazana sy ny tsikera. Tsapako koa fa raha tiana ny hahomby, dia ilaina ny fikirizana ary tsy ho feno izany raha tsy misy ny hanatry ny lesoka.

9. Mazava amiko ankehitriny fa tsy mila mijery akory, na maka tahaka ny hafa, izay vao afaka mijoro aminy hevitra sy mamolavola tanjona. Satria isika tsirairay dia samy manana talenta miafina manokana, natao mba hifanaraka amin'ny adidy sy ny andraikitra miandry antsika aminy androm-piainantsika.

10.Mazava amiko akehitriny fa ny lanjan’ny adidy miandry antsika eto amin’ity fiainana mandalo ity no azo andrefesana ny hasin’ny maha-olona antsika.

Farany, mazava amiko ankehitriny fa ny andrasan'ilay Nahary amin'ny olombelona, dia ny hahavitany sy hanantanterahan’ny tsirairay ny adidy aman’andraikiny avy. Ny fahasambarana azo amin’izany dia ireto avy :

- « ny fahasambarana voalohany » dia ny fahafantarana izany ;
- « ny fahasambarana faharoa » dia ny fampiarana izany ;
- « ary ny tena fahasambarana farany sy lehibe indrindra » dia ny fahavitan’izany adidy napetrak’ilay Nahary tamin’ny tsirairay izany AM-PAHOMBIAZANA.

**Harijaona RABOANA** (Cambridge - SciencesPo)

Spin Doctor Emergence de Madagascar